MINISTERE DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR
ET DE LA RECHERCHE SCIENTIFIQUE
SECRETARIAT GENERAL
DIRECTION GENERALE DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR
**DIRECTION DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR PUBLIC et PRIVE**
Service d'Appui au Baccalauréat

BACCALAUREAT DE L'ENSEIGNEMENT GENERAL

SESSION 2016

***************

C-D

**Série** : C-D
**Code matière** : 005

**Epreuve de** : MALAGASY
**Durée** : 03 heures 30minutes
**Coefficient** : 3

**********

**NB: Tsy maintsy atao ny laza adina I.**

**Isafidianana ny laza adina II.**

**LAZA ADINA I : Tsy maintsy atao.** **(isa 6)**

1°) – Manomeza tara-kevitra telo nisongadina tamin'ny vanim-potoana "literatiora fiforetana anaty"
2°) – Milazà antony telo maneho fa tsy maintsy mifandray amin'ny hafa ny olombelona.

**LAZA ADINA II: Isafidianana ny A sy B** **(isa 14)**

**A - FAMAKAFAKAN-KEVITRA :**

Hoy ny Ntaolo: "Zanahary tsy mitahy mandry."
**Fakafakao**

**B - FANADIHADIANA LAHATSORATRA**

- ZEFA : sssh! Avelao any fa efa tsy anjarako! … Efa totoim-bintana mihitsy i Zefa. Nalàna tamin'ny asany … mitady asa tsy mahita … nony nahita afera, rava ho azy! … Tsy mety daholo izay atao… Ratsy vintana… efa voan'ny ozon-drazana mihitsy!
- SETRA: Tsy marina izany ry dada a!
- ZEFA : - (ohatra ny mitomany)
  - Izany , letsy no izy a! Izany no tena marina … totoim-bintana… Izao no mba anjarako… Vintan-dratsy … efa voaozona! … Mila hamboarina mihitsy ity vintako ity … hanatona izay olona mahay manamboatra azy isika.
- SETRA: Tsy hisy vokany izany, ry dada a ! ... Zavatra hafa no antony. Ny antony dia tsy avy amin'ny vintan-dratsin'i dada, fa avy amin'ny fiaraha-monina misy antsika mbola anjakan'ny mpangoron-karena vaventy sy madinika. Maro amin'ireny no tsy mankasitraka ny hisian'ny rariny sy ny hitsiny ho an'ny olon-drehetra satria tsy misy hanangonany ho azy samirery sy ny fianakaviany intsony (...). Manaraka izany, vintan-dratsin'i dada ve no nanalana an'i dada tamin'ny orinasa? Voalaza fa hoe noho ny akoran-javatra. Ny tsy fisian'ny akoran-javatra dia mety ho avy amin'ny tsy fananantsika vola hividianana azy, na mety ho isika tsy mamokatra firy (...)

ILAY, <u>Mikatsaka ny fiadanana</u>
Tak.13

**Hadihadio io lahatsoratra io.**

oooooooooooooooooooo